



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-267

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-  
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA  
MANOMBOKA NY TALATA 20 JONA 2023 KA HATRAMIN'NY ZOMA 30 JONA 2023.

Fivoriana faha-28  
Natao ny  
Alarobia 21 Jona 2023  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:-** Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Alarobia 21 Jona 2023, tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena vokatry ny Diniky ny Filoha, nanomboka ny Talata 20 Jona 2023 ka hatramin'ny Zoma 30 Jona 2023.

Nitohy ny Alarobia 21 Jona 2023, tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niarahaba manokana ny Raim-pianakaviana rehetra ihany koa noho ny fahatratraran'izy ireo ny fetin'ny Ray maneran-tany. Nirary soa ho azy ireo mba ho ray to teny sy ho marin-toetra eo anivon'ny fianakaviany.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany mba hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly Lefitra eto anivon'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha.

Rehefa izany, niangavy hatrany ny Mpitantsoratra ny tenany, mba hamaky ny tatitry ny fivorian'ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina ihany no nanatontosa izany, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Talata faha-20 Jona 2023 nanomboka tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny "Conférence des Présidents".

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana, nisolo toerana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana. (cf fiche de présence)

Fiarahabana ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, ny Filoham-baomiera, ny solotenan'ireo Vondrona Parlemantera izay mandrafitra ny "Conférence des Présidents" no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Tsy hadinony tamin'izany ireo manam-pahefana nisolotena ny Governemanta.

Novakiana ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Talata faha-20 Jona 2023 tamin'ny 10 ora, maraina.

Nivoitra tamin'ny adihevitra ny momba ny fihaonana amin'ny Governemanta manomboka ny Alarobia faha-28 sy ny Alakamisy faha-29 Jona 2023. Lanin'ny maro an'isa anefa, fa aleo ny fivoriambe no hanapaka ny mikasika izany.

Toy izao ny fandaharam-potoana naroson'ny "Conférence des Présidents", ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

### **ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Mardi 20 Juin 2023** au **Vendredi 30 Juin 2023**

#### **MARDI 20 JUIN 2023**

**10H 00:** Réunion des membres du Bureau Permanent (Salle BP)

**15H 00:** Conférence des Présidents (Salle BP)

#### **MERCREDI 21 JUIN 2023**

**10H 00:** SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)  
-Adoption de l'ordre du jour

**15H 00:** - Les Projets de Loi nouvellement déposés sur le bureau de l'Assemblée nationale ou seconde lecture en provenance du SENAT

#### **JEUDI 22 JUIN 2023**

**10H 00:** TRAVAUX DES COMMISSIONS

- **Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales (Salle BP)**

**Réunion de travail avec la Solidarité Syndicale de Madagascar (SMM) sur le Projet de loi concernant le Statut Général des Agents Publics (SGAP)**

**JEUDI 22 JUIN 2023 à 15H 00 - VENDREDI 23 JUIN 2023 de 10H 00 et 15H 00 et MARDI 27 JUIN 2023 de 10H 00 et 15H 00**

- Les Projets de Loi nouvellement déposés sur le bureau de l'Assemblée nationale ou seconde lecture en provenance du SENAT

**MERCREDI 28 JUIN 2023 de 10H 00 et 15H 00 - JEUDI 29 JUIN 2023 à 10H 00**

SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

**SEANCES DES QUESTIONS AU GOUVERNEMENT**

SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

**JEUDI 29 JUIN 2023**

**11H 30: EXAMEN ET DELIBERATION SUR LES DOSSIERS TRAITES PAR LA COMMISSION DE LA MISE EN ACCUSATION DEVANT LA HAUTE COUR DE JUSTICE (HCJ)**

**15H 00: SEANCES DES QUESTIONS AU GOUVERNEMENT**

**VENDREDI 30 JUIN 2023**

**11H 30: CEREMONIE DE CLOTURE DE LA PREMIERE SESSION ORDINAIRE 2023 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**FICHE DE PRESENCE  
CONFERENCE DES PRESIDENTS**

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
2	NAHARIMAMY Irmah Lucien	Vice-Présidente
3	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
4	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
2	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa	TIM
3	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
4	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
5	Commission de la Santé Publique	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD
6	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
7	Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget	TSARADIA Marco	IRD

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA

**Représentants du Gouvernement**

01- RASOANARIVO Haja Niaina  
Parole du Gouvernement

Directeur de Cabinet de la Ministre Porte-

02- RAHALISON Onjaniaina Adolphe

Directeur des Affaires Judiques de

Ministère de la Communication et de la Culture

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny namakiany ny tatitry ny fivorian'ny "Conférence des Présidents", Ramatoa Filoha.

Talohan'ny nidirana tamin'ny adivevitra ankapobeny mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana, nambarany fa araka ny Didim-panjakana notapahana nandritra ny Filan-kevitra ny Minisitra tamin'ny Alarobia 22 Martsa 2023 lasa teo dia tapitra ny "mandat" na fe-potoampiasan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna na ny HCDDDED izay 5 taona no faharetany.

Nomarihany koa, fa araka ny voalazan'ny andininy faha-43 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna na ny HCDDDED no miandraikitra ny fanaraha-maso ny fanajana ny toetra fototry ny fahefana, ny toetra fototry ny demokrasia sy ny fanajana ny tany tan-dalàna ary ny fanaraha-maso ny fampiroboroboana sy ny fiarovana ny zon'olombelona. Nambarany hatrany fa ny lalàna no mamaritra ny fombafomba arahina mikasika ny fandaminana sy ny fampandehanana an'io Filankevitra Ambony io.

Ny lalàna laharana faha-2015-001 tamin'ny 12 Febroary 2015 no mamaritra ny mikasika an'izany Filankevitra Ambony izany. Raha io lalàna io no asiana teny, ao amin'ny Toko faha-3, andininy faha-5, manambara fa manana solotena iray atolotra ho mpikambana amin'izany Filankevitra Ambony izany ny Antenimierampirenena ary fidina eo anivon'ny fivoriambe izay solotena izay hoy Ramatoa Filoha. Eo anatrehan'izany, hampidirina ao anaty fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny Zoma faha-23 Jona 2023 amin'ny 10 ora, maraina, ny fifidianana io solotena iray avy amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena io. Nambaran-dRamatoa Filoha, fa afaka mametraka "candidature" izay Solombavambahoaka liana hiditra ho mpikambana ao amin'io HCDDDED io. Manomboka androany tola'andro no ahafahana mametraka izany ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ary izy koa no hiandraikitra ny fandaminana ny ho fizotry ny fifidianana.

Nomarihany anefa, fa tsy azo ampirafesina amin'ny asan'ny Solombavambahoaka ny asa mahampikambana ao amin'ny HCDDDED.

Rehefa izany, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory, ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka manan-kolazaina mikasika izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, nambarany fa manahy ny tsy hahatanteraka ny fandaharam-potoana hatao amin'ny faha-28 sy faha-29 Jona 2023 ho avy izao ny tenany noho ny hateren'ny fotoana satria raha tombanana, hamonjy an'io fihaonan'ny Antenimierampirenena sy ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka. Noho izany, nandroso soso-kevitra ny tenany mba hanaovana ny fotoana ho roa andro misesy sady tokony homena folo minitra avy ny Solombavambahoaka tsirairay amin'ny fandraisam-pitenenana hataony satria ain-dehiben'ny firenena ny anton'ny fihaonana ary andrasan'ny vahoaka Malagasy koa io fotoana io.

Rehefa izany, namaly Ramatoa Filoha, fa tokony hisy fotoana handinihana momba ny «Haute Cour de Justice» (HCJ) koa raha izay no soso-kevitra naroson'Andriamatoa Solombavambahoaka teo.

Nandray fitenenana indray, Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, fa tokony hanaovana fivoriana tsy ara-potoana mihitsy ny fandinihana mikasika ny HCJ noho ny fahateren'ny fotoana ary nambarany fa mbola misy fandaharam-potoana hanaovana ny fifidianana ny ho

solotenan'ny Antenimierampirenena ho mpikambana ao amin'ny HCDDDED, ka mety tsy ho ampy ny fotoana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa miombon-kevitra amin'ny fandaharam-potoana tapaka tamin'ny «Conférence des Présidents» ny Solombavambahoaka maro an'isa. Izany hoe, tsy misy ovaina ny fandaharam-potoana, fa mangataka mba hafindra aorian'ny fankalazana ny fetim-pirenena ny fandaharam-potoana hanaovana ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena eo anivon'ny HCDDDED, satria handeha hamonjy ny fankalazana faha-26 Jona ny Solombavambahoaka rehetra.

Andriamatoa DJAOSERA Irénée kosa raha nomena fitenenana, nilaza fa nisy «proposition de loi» natolony efa tamin'ny volana Mey lasa teo kanefa tsy mbola tafiditra tamin'ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena hatramin'izao.

Nambarany koa, fa tokony hahitsy ity volavolam-pandaharam-potoana ity, ka homena fotoana malalaka ny Solombavambahoaka mba hiteny, fa tsy hoferana ho roa na telo minitra izany. Nangatahany ny tokony hanaovana vaindohan-draharaha ny fotoana hihaonan'ny mpikambana amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka noho ny hamaroan'ny zavatra tokony hambara amin'izy ireo. Mila fanazavana avy amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta koa ny vahoaka manolona izao olana maro lalovan'ny firenena izao. Noho izany, nangataka ny hanaovana ho telo andro ny fihaonana ny tenany dia faha-28, ny faha-29 ary ny faha-30 Jona 2023 izany.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra daholo ireo soso-kevitra rehetra naroson'ny Solombavambahoaka teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, nambarany fa tokony hovaina tsy toy ny mahazatra teo aloha ny fomba hanatanterahana ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka amin'ny fihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta. Aleo atomboka amin'ny laharana faha-51 ka mankany amin'ny laharana voalohany izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa izay Solombavambahoaka tonga misoratra anarana mialoha no andrindrana ny fandraisam-pitenenana ary Birao Maharitra no handamina mikasika izany.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny soso-kevitra naroson'Andriamatoa DJAOSERA Irénée hoe hatao telo andro dia ny faha-28, ny faha-29 ary ny faha-30 Jona 2023 izao ny hanaovana ny «face à face» amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 5 no nandany; Solombavambahoaka miisa 23 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa mijanona ho roa andro dia ny faha-28 sy ny faha-29 Jona 2023 ihany ny hanatanterahana ny «face à face» amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Nambarany koa, nisy soso-kevitra naroson'Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, teo hoe hasiana fivoriana tsy ara-potoana momba ny HCJ saingy anjaran'ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Minisitry no mandray fanapahan-kevitra mikasika ny tokony hanaovana na tsia ny fivoriana tsy ara-potoana.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTOSON Hubert ary mbola nanamafy fa ain-dehiben'ny firenena io resaka mikasika ny HCJ io. Nomarihany fa maro ny olona tsy tokony higadra no gadraina, ny tokony higadra tsy gadraina. Lasa miteraka olana eo anivon'ny Solombavambahoaka izay zavatra izay. Noho izany, aleo tsoahana ao anaty fandaharam-potoana na ahemotra amin'ny fivoriana amin'ny volana Oktobra ny «Examen et Délibération sur les Dossiers traités par la Commission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)», hoy ny fanambarany.

Nanao satroka ihany koa Andriamatoa NASIRA Julien, nambarany fa mpikambana eo anivon'ny Vaomieran'ny “mise en accusation devant la Haute Cour de Justice” ny tenany ary niangaviany ny tokony hanatanterahana ny fanaovana ny fanambarana amin'ny faha-30 Jona 2023, maraina, alohan'ny hidirana amin'ny lanonam-pamaranana ny fotoam-pivorian'ny Antenimierampirenena. Ny antony, mety hisy hamadika resaka ny olona sasany, ka lasa ny Antenimierampirenena indray no lazaina fa miray tsikombakomba amin'ny resaka kolikoly.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra mikasika ny hanesorana ao anaty fandaharam-potoana na ahemotra amin'ny fotoam-pivoriana manaraka ny «Examen et Délibération sur les Dossiers traités par la Commission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)».

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 3 no nandany; Solombavambahoaka miisa 23 no nitsipaka.

Nambarany koa fa nisy ny soso-kevitra nomen'Andriamatoa NASIRA Julien, hoe hotazonina amin'izao fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena izao ihany io fanambarana hataon'ny Vaomiera Manokana io. Izany hoe, handraisana fanapahan-kevitra izay soso-kevitra izay.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany ny soso-kevitra avy tamin'Andriamatoa Solombavambahoaka teo. Tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nanao satroka, Andriamatoa NASIRA Julien ary nangataka fanazavana mikasika ny fanapahan-kevitra noraisina teo momba ny soso-kevitra narosony.

Nambarany fa hatao ny faha-30 Jona 2023, maraina, alohan'ny lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ihany ve ny hanaovana ny «Examen et Délibération sur les Dossiers traités par la Commission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de Justice», fa tsy



hotontosaina amin'ny iray amin'ireo roa andro hanatanterahana ny «face à face» hataon'ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Nanao satroka, Andriamatoa TSARADIA Marco, taorian'izay ary nilaza fa nisy soso-kevitra naroso teo aloha saingy hadino izany. Nangatahany mba hatao amin'ny faha-30 Jona 2023, fa tsy amin'ny faha-23 Jona 2023, ny fotoana hanatanterahana ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena eny amin'ny HCDDDED.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra mikasika ny hanatanterahana amin'ny faha-30 Jona 2023 ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena ao amin'ny HCDDDED sy ny hanaovana ny «Examen et Délibération sur les Dossiers traités par la Commission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de Justice(HCJ)» ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka ary miisa 5 no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hanovana ireo zavatra roa ireo amin'ny faha-30 Jona 2023 izao.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta sao handroso soso-kevitra mikasika ny zavatra tapaka teo.

Tsy nanan-kolazaina izy ireo momba ny fotoana vao nolania teo.

Nanao satroka, Andriamatoa DJAOSERA Irénée ary nanontany mikasika ny Tolo-dalàna narosony tamin'ny volana Mey lasa teo, satria tsy mbola tafiditra tao anaty fandaharam-potoana izany hatramin'izao.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa mikasika ny CENI izay Tolo-dalàna izay. Nambarany fa efa nisy "observation" nataon'ny Governemanta vao haingana momba azy iny, ka hojerena amin'ny fotoam-pivoriana akaiky indrindra izany. Nampahatsiahiviny koa fa rehefa misy «Conférence des Présidents» amin'ny manaraka, tokony hampitaina any amin'ny Filohan'ny Vaomiera misahana ny CENI izay Tolo-dalàna natolotr'Andriamatoa Solombavambahoaka izay.

Tsy nisy nandray fitenenana intsony, taorian'izay na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana nasiampanovàna ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandaniana izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata faha-20 Jona 2023 ka hatramin'ny Zoma faha-30 Jona 2023, rehefa nasiam-panovàna.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RASOANARIVO Haja, Tale Kabibetran'ny Minisitry mpitondra tenin'ny Governemanta, tsy manan-kambara firy izy ireo, fa tonga niatrika ny zavatra tapaka tamin'ny fivoriambe ihany no nataon'ny solotenan'ny Governemanta.

Nomarihany koa fa miandry ny toromarika avy amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena izy ireo mba handaminana ny fotoana.

Nofaranany tamin'ny fisaorana ny rehetra ny fandraisany fitenenana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, koa rahampitso Alakamisy faha-22 Jona 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy asam-baomiera hataon'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy, ho tanterahina ao amin'ny Efitranon'ny Birao Maharitra. Hisy koa ny fivoriana hiarahana amin'ny "Solidarité Syndicale de Madagascar (SSM)" momba ny "Projet de loi concernant le Statut Général des Agents Publics (SGAP)". Amin'ny Zoma faha-30 Jona 2023, hisy fivoriambe hanaovana ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena ao amin'ny Filankevitra Ambony Miaro Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna na ny HCDDDED.

Nanentana ny hanatrehan'ny Solombavambahoaka rehetra ireo fivoriana ireo, Ramatoa Filoha, sady nirary ny mpivory hahavita soa aman-tsara ny fetim-pirenena 26 Jona, ka mba hanao fety sambatra ny Malagasy rehetra.

Niato tamin'ny 1 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA  
  
 RAZANAMAHASOA Christine Harijaona